





*Fotoam-pivavahana
Krismasy*

25 DECEMBRE 2024



Salamo 98 : 1 - 9

Psaumes 98 : 1 - 9

1 Fihirana. MIHIRÀ fihiram-baovao ho an'i Jehovah; Fa efa nanao fahagagana Izy; Ny tànan'ny ankavanana sy ny sandriny masina no nahavitany famonjena. 2 Jehovah efa nampahafantatra ny famonjeny; Teo imason'ny jentilisa no nanehoany ny fahamarinany.

1 Psaume. Chantez en l'honneur de l'Eternel un cantique nouveau, car il a fait des merveilles! Sa main droite et son bras saint lui ont assuré la victoire. 2 L'Eternel a fait connaître son salut, il a révélé sa justice sous les yeux des nations.



Salamo 98 : 1 - 9

Psaumes 98 : 1 - 9

3 Efa nahatsiaro ny famindrampony sy ny fahamarinany tamin'ny taranak'i Isiraely Izy; Efa nahita ny famonjen'Andriamanitsika ny vazan-tany rehetra. 4 Mihobia ho an'i Jehovah, ry tany rehetra, Velomy ny hoby, ka mihirà. 5 Mankalazà an'i Jehovah amin'ny lokanga, Dia amin'ny lokanga sy ny feo fihirana,

*3 *Il s'est souvenu de sa bonté et de sa fidélité envers la communauté d'Israël. Jusqu'aux extrémités de la terre, on a vu le salut de notre Dieu. 4 Poussez des cris de joie en l'honneur de l'Eternel, habitants de toute la terre! Faites éclater votre allégresse et chantez! 5 Chantez en l'honneur de l'Eternel avec la harpe, avec la harpe, au son de tous les instruments!*

Salamo 98 : 1 - 9

Psaumes 98 : 1 - 9

6 Amin'ny trompetra sy ny fitsofana ny anjomara, Ka mihobia eo anatrehan'i Jehovah Mpanjaka. 7 Aoka hirohondrohona ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy. 8 Aoka hiteha-tànana ny riaka; Aoka hiara-mihoby aminy koa ny tendrombohitra 9 Eo anatrehan'i Jehovah, fa avy hitsara ny tany Izy; Hitsara izao rehetra izao amin'ny fahamarinana Izy Ary ny firenena amin'ny fahitsiana.

6 Au son des trompettes et du cor, poussez des cris de joie en présence du roi, de l'Eternel! 7 Que la mer retentisse avec tout ce qu'elle contient, le monde et ceux qui l'habitent, 8 que les fleuves battent des mains, qu'avec eux les montagnes poussent des cris de joie 9 devant l'Eternel, car il vient pour juger la terre. Il jugera le monde avec justice, et les peuples avec droiture.



FIHIRANA 67

1,2,3,4

**1. Avia, ry mino!
Hifaly sy hihoby,
Avia, avia hankany Betlehema;
Teraka Jeso,
Tompon'ny anjely;**



FIHIRANA 67

1,2,3,4

*Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!*



FIHIRANA 67

1,2,3,4

**2. Tompon'ny tompo,
Andriananahary,
Nefa mba zana-behivavy koa;
Zanak'i Maria,
Nefa Zanahary;**



FIHIRANA 67

1,2,3,4



*Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!*



FIHIRANA 67

1,2,3,4

**3. Derao, ry anjely,
Mihobia mafy,
Ry mponina an-danitra
ao ambony ao!
Dera sy laza
Atolory Azy;**



FIHIRANA 67

1,2,3,4



*Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!*



FIHIRANA 67

1,2,3,4

**4. He, arahaba,
Tonga aty an-tany
Ny Tompo, Mpamonjy sy
Mpanjaka koa,
Tenin'ny Rainy
Voatafy nofo,**



FIHIRANA 67

1,2,3,4



*Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!*

A hand in a light-colored sleeve reaches out towards a bright sun, creating a lens flare effect. The background is a soft, hazy landscape.

Vavaka fihaonana

Prière d'ouverture



Salamo 98 : 1 - 3

Psaumes 98 : 1 - 3

1 Fihirana. MIHIRÀ fihiram-baovao ho an'i Jehovah; Fa efa nanao fahagagana Izy; Ny tànanany ankavanana sy ny sandriny masina no nahavitany famonjena. 2 Jehovah efa nampahafantatra ny famonjeny; Teo imason'ny jentilisa no nanehoany ny fahamarinany. 3 Efa nahatsiaro ny famindrampony sy ny fahamarinany tamin'ny taranak'i Isiraely Izy; Efa nahita ny famonjen'Andriamanitsika ny vazan-tany rehetra.

*1 Psaume. Chantez en l'honneur de l'Éternel un cantique nouveau, car il a fait des merveilles! Sa main droite et son bras saint lui ont assuré la victoire. 2 L'Éternel a fait connaître son salut, il a révélé sa justice sous les yeux des nations. 3 *Il s'est souvenu de sa bonté et de sa fidélité envers la communauté d'Israël. Jusqu'aux extrémités de la terre, on a vu le salut de notre Dieu.*



FIHIRANA 64

3

**3. O! ry mivesatra entana,
Ry malahelo ô!**

Mba andrandrao ny lanitra,

Henoy ny hira vao!

Ny hiran'ny anjely re

Dia mampiadam-po.

O! mitsahara hianao

Hihaino azy izao!



Mino an' **Andriamanitra Ray Tsitoha**, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho.

Ary mino an' i **Jesoa Kristy Zananilahy Tokana Tompontsika**, izay notorontoronina tamin' ny **Fanahy Masina**. Naterak' i **Maria Virjiny**. Nijaly raha nanapaka i **Pontio Pilato**. Nohomboana tamin' ny hazo fijaliana. Maty ka nalevina. Nidina tany amin'ny fiainan-tsy hita. Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo. Niakatra ho any an- danitra. Mipetraka eo an- kavanan' **Andriamanitra Ray Tsitoha**. Avy any no hiaviany hitsara ny velona sy ny maty.

Mino ny **Fanahy Masina** aho. Ny **Fiangonana Masina** manerana izao tontolo izao. Ny fiombonan'ny olona masina. Ny famelan-keloka. Ny fitsanganan 'ny tena amin'ny maty. Ary ny fiainana mandrakizay.

Amena



FIHIRANA 76

1

**1. Miderà anio, ry mino,
Ny Mpanavotra anareo !
Manandrata feo hidera
An'i Kristy Tompo soa !
Zanaky ny vehivavy
Nefa Andriananahary ;
Teraka ho olona
Mba hanavotra anareo !
Teraka any Betlehema
'Lay Mpanavotra anareo !**

An open Bible is shown in the background, with green leaves and branches framing it. The text on the pages is partially visible but mostly obscured by the title. A large, semi-transparent orange brushstroke is behind the title text.

Soratra Masina

Saintes Ecritures

A photograph of a hand reaching out towards a bright sun, creating a lens flare effect. The hand is wearing a light-colored sleeve.

Vavaka

Prière



FIHIRANA 81

1,2,3

- 1. Tao an-tsahan'i Betlehema
Reo mpiandry ondry re,
Novangian'ny serafima
Sy anjely marobe !**



FIHIRANA 81

1,2,3

*Fiv : ,: Voninahitra ho an'Andriamanitra,:
Amin'ny avo !*





FIHIRANA 81

1,2,3

2. Njay ny hiran'ny anjely

'Zay niredona tokoa :

**"Indro tonga Imanoely,
Zaza masina sy soa" !**



FIHIRANA 81

1,2,3

*Fiv : ,: Voninahitra ho an'Andriamanitra,:
Amin'ny avo !*





FIHIRANA 81

1,2,3

**3. Nofo notafian'ny Teny,
Lanitra nilaozany !
'Ndao isika izao hankany,
Be tokoa ny lazany !**



FIHIRANA 81

1,2,3

*Fiv : ,: Voninahitra ho an'Andriamanitra,:
Amin'ny avo !*



An open Bible is shown in the background, with green leaves and branches framing it. The text on the pages is partially visible but mostly obscured by the title. A large, semi-transparent orange brushstroke is behind the title text.

Soratra Masina

Saintes Ecritures



Isaia 52 : 7 - 10

Esaïe 52 : 7 - 10

7 Akory ny hatsaran'ny tongotr'irỳ mitondra teny soa mahafaly erỳ an-tendrombohitra Sady mitory fiadanana! Dia izay mitondra teny soa mahafaly Sady mitory famonjena, Eny, izay manao amin'i Ziona hoe: Mpanjaka Andriamanitrao!

*7 *Qu'ils sont beaux, sur les montagnes, les pieds de celui qui apporte de bonnes nouvelles, qui annonce la paix, de celui qui apporte de très bonnes nouvelles, qui annonce le salut, de celui qui dit à Sion: «Ton Dieu règne!»*

Isaia 52 : 7 - 10

Esaïe 52 : 7 - 10

8 Injany ny feon'ny mpitilinao! Manandratra ny feony izy ka miara-mihoby; Fa ho faly izy mahita mifanatri-maso Ny hodian'i Jehovah ho any Ziona. 9 Velomy ny hoby, ry fitoeran-drava any Jerosalema; Fa Jehovah efa nampionona ny olony Sady efa nanavotra an'i Jerosalema. 10 Jehovah efa nampiseho ny sandriny masina teo imason'ny firenena rehetra; Ary ny faran'ny tany rehetra hahita ny famonjen'Andriamanitsika.

8 La voix de tes guetteurs retentit, ils se font entendre, ils poussent ensemble des cris d'allégresse, car de leurs propres yeux ils voient le retour de l'Eternel à Sion. 9 Eclatez ensemble en cris de joie, ruines de Jérusalem, car l'Eternel console son peuple, il rachète Jérusalem. 10 L'Eternel déploie le bras de sa sainteté, et ce à la vue de toutes les nations. Même les extrémités de la terre verront le salut de notre Dieu.



Hebreo 1 : 1 - 6

Hébreux 1 : 1 - 6

1 REHEFA nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa; 2 dia amin'izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany, izay voatendriny ho Mpandova ny zavatra rehetra; Izy no nahariany izao tontolo izao,

1 Après avoir autrefois, à de nombreuses reprises et de bien des manières, parlé à nos ancêtres par les prophètes, 2 Dieu, dans ces jours qui sont les derniers, nous a parlé par le Fils. Il l'a établi héritier de toute chose et c'est par lui aussi qu'il a créé l'univers.



Hebreo 1 : 1 - 6

Hébreux 1 : 1 - 6

3 Izy koa no famirapiratan'ny voninahiny sy endriky ny tenany indrindra ary mihazona ny zavatra rehetra amin'ny herin'ny teniny; ary rehefa nanao fanadiovana hahafaka ny fahotana Izy, dia nipetraka teo amin'ny tàmàna ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo 4 ka natao tsara noho ny anjely, araka ny nandovany anarana tsara noho ireny.

3 Le Fils est le reflet de sa gloire et l'expression de sa personne, il soutient tout par sa parole puissante. Après avoir accompli [au travers de lui-même] la purification de nos péchés, il s'est assis à la droite de la majesté divine dans les lieux très hauts. 4 Il est ainsi devenu d'autant supérieur aux anges qu'il a hérité d'un nom bien plus remarquable encore que le leur.

Hebreo 1 : 1 - 6

Hébreux 1 : 1 - 6

5 Fa anjely iza no mba nilazany hoe: „Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao andro-any”? (Sal. 2.7). Ary koa: „Izaho ho Rainy, Ary Izy ho Zanako”? (2 Sam. 7.14) 6 Ary raha mitondra ny Lahimatoa ho amin’izao fiainana izao indray, dia hoy Izy: „Ary aoka ny anjelin’Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anoloany” (Sal. 97.7).

5 En effet, auquel des anges Dieu a-t-il déjà dit: Tu es mon Fils, je t'ai engendré aujourd'hui ? Et encore: Je serai pour lui un père et il sera pour moi un fils ? 6 Par contre, lorsqu'il introduit le premier-né dans le monde, il dit: Que tous les anges de Dieu se prosternent devant lui!



Jaona 1 : 1 - 18

Jean 1 : 1 - 18

1 TAMIN'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. 2 Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. 3 Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. 4 Izy no nisiam-piainana; ary ny fiainana no fanazavana ny olona.

1 Au commencement, la Parole existait déjà. La Parole était avec Dieu et la Parole était Dieu. 2 Elle était au commencement avec Dieu. 3 Tout a été fait par elle et rien de ce qui a été fait n'a été fait sans elle. 4 En elle il y avait la vie, et cette vie était la lumière des êtres humains.



Jaona 1 : 1 - 18

Jean 1 : 1 - 18

5 Ary ny mazava dia mamirapiratra ao amin'ny maizina; fa ny maizina tsy nandray azy. 6 Nisy lehilahy nirahin'Andriamanitra, Jaona no anarany. 7 Izy tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava, mba hinoan'ny olona rehetra noho ny teniny. 8 Tsy izy anefa no Ilay Mazava, fa tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava ihany izy.

5 La lumière brille dans les ténèbres, et les ténèbres ne l'ont pas accueillie. 6 Il y eut un homme envoyé par Dieu; son nom était Jean . 7 Il vint comme témoin, pour rendre témoignage à la lumière afin que tous croient par lui. 8 Il n'était pas la lumière, mais il vint pour rendre témoignage à la lumière.



Jaona 1 : 1 - 18

Jean 1 : 1 - 18

9 Tao ny tena Mazava izay mahazava ny olona rehetra tonga amin'izao tontolo izao. **10** Teo amin'izao tontolo izao Izy, ary Izy no nanaovana izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahalala Azy. **11** Tonga tany amin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy.

9 Cette lumière était la vraie lumière qui, en venant dans le monde, éclaire tout être humain. 10 Elle était dans le monde et le monde a été fait par elle, pourtant le monde ne l'a pas reconnue. 11 Elle est venue chez les siens, et les siens ne l'ont pas accueillie.



Jaona 1 : 1 - 18

Jean 1 : 1 - 18

12 Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, 13 dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra.

12 Mais à tous ceux qui l'ont acceptée, à ceux qui croient en son nom, elle a donné le droit de devenir enfants de Dieu, 13 puisqu'ils sont nés non du fait de la nature, ni par une volonté humaine, ni par la volonté d'un mari, mais qu'ils sont nés de Dieu.



Jaona 1 : 1 - 18

Jean 1 : 1 - 18

14 Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana. 15 Jaona nanambara Azy ka niantso hoe: Izy ilay nolazaiko hoe: Izay avy ao aoriako dia efa tonga eo alohako, satria talohako izy.

14 Et la Parole s'est faite homme, elle a habité parmi nous, pleine de grâce et de vérité, et nous avons contemplé sa gloire, une gloire comme celle du Fils unique venu du Père. 15 Jean lui a rendu témoignage et s'est écrié: «C'est celui à propos duquel j'ai dit: 'Celui qui vient après moi m'a précédé, car il était avant moi.'»



Jaona 1 : 1 - 18

Jean 1 : 1 - 18

16 Fa tamin'ny fahafenony no nandraisantsika rehetra, dia fahasoavana anampy fahasoavana. 17 Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy; fa ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. 18 Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana; fa ny Zanakalahy Tokana, izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy.

16 Nous avons tous reçu de sa plénitude, et grâce sur grâce. 17 En effet, la loi a été donnée à travers Moïse, mais la grâce et la vérité sont venues à travers Jésus-Christ. 18 Personne n'a jamais vu Dieu; Dieu le Fils unique, qui est dans l'intimité du Père, est celui qui l'a fait connaître.

Isaorana anie ny Tompo noho ny filazantsara





FIHIRANA 68

1,2,3

1. Re tokoa ny feon'anjely,
Irak' Andriamanitra ;
He, ny teny mahafaly
Avy ao an-danitra !
Entiny ny teny tsara
Ho ety an-tany izao
Voninahitra aman-dera,
Tompo no omena Anao ! (in-3)
Voninahitra aman-dera,
Tompo no omena Anao !

FIHIRANA 68

1,2,3

**2. Teraka any Betlehema
'Lay Mpanjaka manan-jo,
Ka misatro-diadema,
Voninahi-tsy ho lo !
Misy 'zao ety an-tany
Fihavanana tokoa,
Hafalian-tsy ho lany,
Fitahia-mahasoa ! (in-3)
Hafalian-tsy ho lany,
Fitahia-mahasoa !**





FIHIRANA 68

1,2,3

**3. Be ny lazanao, ry Tompo
Tsara ny Anaranao !**

Zovy re no tsy hanompo ?

Iza no handà Anao ?

Hasina sy arahaba

No aterina aminao ;

Fanjakana tsy ho rava

Ry Mpanjaka no Anao ! (in-3)

Fanjakana tsy ho rava

Ry Mpanjaka no Anao !

Toriteny

Prédication

A photograph of a teal electric guitar leaning against a black Vox amplifier and a brown speaker cabinet on a grassy area near a body of water. The image is partially obscured by a semi-transparent brown brushstroke that serves as a background for the text.

SZM Harmonia

Section Musique Harmonia

A background image showing a conductor in a dark suit with his back to the camera, gesturing with his hands. In front of him is a large group of people, likely a choir, dressed in white and red uniforms, holding books or sheet music. The scene is set in a large hall or auditorium.

Antoko-mpihira FFL

Chorale FFL



Fandraisana

Ny fanasan'ny Tompo

Sainte Cène



FIHIRANA 71

1,3,4

**1. Mihainoa, mihainoa
Ny feon'anjely sambatra
Milaza fa vao teraka
Ny Zanak'Andriamanitra !
Mihainoa izao !**



FIHIRANA 71

1,3,4

**3. Mba omeo, mba omeo
Ny fonao fa angatahiny !
Ny tenany natolony
Anao izay malalany !
Mba omeo izao !**



FIHIRANA 71

1,3,4

**4. Matokia, matokia
Ka manaraha Azy izao,
Ilay Mpamonjy be fitia
Nanetry tena ho anao !
Matokia izao !**



Fandraisana

Ny fanasan'ny Tompo

Sainte Cène



FIHIRANA 62

6,7,8

**6. Isika koa :,; hianatra :,;
Ny fideran'ny lanitra !
:,; Haleloia ! :,;**



FIHIRANA 62

6,7,8

**7. Isika ao :, : an-danitra :, :
Ho velona finaritra !
:, : Haleloia ! :, :**





FIHIRANA 62

6,7,8

**8. Ho naman'ny :, anjelinao :,
Izahay, ry Jeso Tompo ô !
:, Haleloia ! :,**



Fandraisana

Ny fanasan'ny Tompo

Sainte Cène



FIHIRANA 78

3

**3. Eny, tonga Hianao
Honina amin-tany,
'Hahazoan'ny olonao
Soa tsy ho iany.
Saroitra ny lalanao,
Be ny zava-mafy,
Loza no nanjo Anao.
Maro no nandrafy**



Fandraisana

Ny fanasan'ny Tompo

Sainte Cène



FIHIRANA 65

3,5

3. Endrey, mangina fatratra

Ny fampidinana

Ny fitahian-danitra

Am-pon'ny olona!

Tsy misy tabataba re,

Na horakoraka.

Kanefa Kristy tonga anie

Am-po mangoraka!



FIHIRANA 65

3,5

**5. Ry Zaza Masina sy soa,
Ry Zanak'i Maria,
Ry Tomponay, Mpamonjy koa,
Midina re aty.**

**Ny feon'ny lanitra no re,
Indray Noely izay,
Nitondra teny soa hoe:
Hianao no Avotray!**



Fandraisana

Ny fanasan'ny Tompo

Sainte Cène



FIHIRANA 69

1,2,3,4,5

**1. Zaza Masina sy soa,
Nefa ory Hianao,
Ka nanetry tena koa,
Sy nandao ny lapanao.**



FIHIRANA 69

1,2,3,4,5

**2. Teraka ory sy nahantra,
Trano tsy nandrianao,
Fa tsy nisy 'zay niantra,
Be ny fahoriana.**



FIHIRANA 69

1,2,3,4,5

**3. Fihinanam-bilon'omby
No natao fandrianao,
Fa ny trano be tsy omby,
Nisy olo-marotao.**



FIHIRANA 69

1,2,3,4,5

**4. Nofonosin-damban-jaza,
Tonga zazabodo re,
Nefa Tompo manan-daza
Sy Mpanjaka lehibe.**



FIHIRANA 69

1,2,3,4,5

**5. Efa halan'olo-marô,
Nefa kosa tiako;
Dia avia, ry Mpamonjy!
Honina ato amiko.**



Fandraisana

Ny fanasan'ny Tompo

Sainte Cène



FIHIRANA 63

1,2,3

**1. Tany finaritra
Tarafo-danitra,
Mirana ny mpivahiny ao ;
Injao fihobiana
Am-pandehanana
Mankany ny Paradisa izao !**



FIHIRANA 63

1,2,3

**2. Andro mihelina
Tao-mitsingerina
Ifandimbiasan'ny olona ;
Tsy lefy hanitra
Ny soan'ny lanitra
Mamelon-kira velona !**



FIHIRANA 63

1,2,3

**3. Teny naely
Hiran'anjely :
"O, mifalia ry reraka
Fa fiadanana
No andehanana ;
Fa ny Mpamonjy teraka !"**



FIHIRANA 73

1,2,3

**1. Indro Zazakely
Zanak'i Maria,
Tompon'ny anjely,
Nefa nankaty,
Io no Zazalahy,
Zanaky ny Ray.
Tonga mba hitahy:
Izy no anay.**



FIHIRANA 73

1,2,3

*Fiv : Mihirà, ry tany,
Sy ny mponina eo.
Hafalian-tsy lany,
Manandrata feo!
Jeso no deraina,
Fa Mpanjaka soa;
He! Ny fanjakany
Lehibe tokoa.*



FIHIRANA 73

1,2,3

**2. Zaza nantenaina
Fony ela be,
Sady Tompon'aina
Manan-kery be,
Mihirà, ry tany!
Eny, mifalia:
Hoy ny mpaminany,
Izy no Mesia:**



FIHIRANA 73

1,2,3

*Fiv : Mihirà, ry tany,
Sy ny mponina eo.
Hafalian-tsy lany,
Manandrata feo!
Jeso no deraina,
Fa Mpanjaka soa;
He! Ny fanjakany
Lehibe tokoa.*



FIHIRANA 73

1,2,3

**3. Jeso Zaza hendry,
Masina sy to,
Tompo voatendry,
Mpanadio ny fo,
Aoka mba hijery
Zao tontolo izao,
Zaza manan-kery,
Indro, mba hajao:**



FIHIRANA 73

1,2,3

*Fiv : Mihirà, ry tany,
Sy ny mponina eo.
Hafalian-tsy lany,
Manandrata feo!
Jeso no deraina,
Fa Mpanjaka soa;
He! Ny fanjakany
Lehibe tokoa.*

A white megaphone is mounted on a light-colored wall, pointing towards the right. It is partially obscured by the text 'Filazana'.

Filazana

Annonces

Rakitra

Offrandes



FIHIRANA 75

1,2,3

1. Andro malaza sady soa tokoa
'Lay andro 'zay nisehoan'i Jeso:
'Zay nantenain'ny mpaminany koa
Mba hampiseho fihavanana,



FIHIRANA 75

1,2,3

*Fiv : Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà,
Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio,
Fa Tompontsika io.:,;*

FIHIRANA 75

1,2,3

**2. Anjely maro no nihoby tao;
Mpiandry ondry nitsaoko Azy koa.
Ny olon-kendry koa nanasina Azy,
Andeha mba hankalaza Azy izao:**





FIHIRANA 75

1,2,3

*Fiv : Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà,
Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio,
Fa Tompontsika io.:,;*



FIHIRANA 75

1,2,3

3. Dera sy haja no atolo tray

Anao, ry Jeso 'zay teraka anie:

Ka mba mandraisa ny fanatitray

Ho zava-mani-pofona tokoa:




FIHIRANA 75

1,2,3

*Fiv : Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà,
Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio,
Fa Tompontsika io.:,;*

***Ry Tompon'ny harena ô,
Fanatitra an-tsitrapo
Atolotray Anao izao ;
Mba raiso ka tahionao.***

Amen



A photograph of several hands raised in prayer, with a ring visible on one hand, set against a bright, slightly blurred background.

Vavaka fisaorana & fangatahana

Prière d'intercession



FIHIRANA 70

1,2

1. Iza moa io Zazakely

∴ Ao Betlehema ∴

Ankalazain'ny anjely

Misasaka alim-be ?

Injao mihira avokoa

Ny mponina ao an-danitra,

Ka iza re io Zaza soa ?

Moa Zanak'Andriamanitra ?

FIHIRANA 70

1,2

*Fiv : Io no Mpanjaka voatendry
Sady mahery no hendry,
:,: Zanak'Andriamanitsika
Koa hobia sy ifalio ! :,:*





FIHIRANA 70

1,2

**2. Izy no Jeso Mpanjaka
:,: Ka mihobia! :,:
Izy mamory sy maka,
Avia, mihobia !
Omeo voninahitra
Ka mitehafa tanana ;
Hobio ry tendrombohitra
Sy lohasaha mavana !**

FIHIRANA 70

1,2

*Fiv : Io no Mpanjaka voatendry
Sady mahery no hendry,
:,: Zanak'Andriamanitsika
Koa hobia sy ifalio ! :,:*



A vertical strip on the left side of the slide shows a close-up of ocean waves with white foam and blue water.

Hafatra & Tso-drano

Exhortation & Bénédiction



FIHIRANA 70

3,4

3. Izy no Tompo nahary

∴ Ka maneke ∴

Zanaky ny Zanahary

Ka dia maneke !

Ry hazo ao an'ala ô,

Samia re manandra-peo !

Ry voninkazo tsara ô,

Atero fofomanitra !



FIHIRANA 70

3,4

*Fiv : Io no Mpanjaka voatendry
Sady mahery no hendry,
:,: Zanak'Andriamanitsika
Koa hobia sy ifalio ! :,:*



FIHIRANA 70

3,4

**4. Efitra sy tany foana,
:,: O mihirà !; :,:
Lemaka ary havoana
Falia, mihirà !
Ry ranomasin-dehibe,
Ry voron-kely tsara feo
Izao rehetra marobe
Avia mankalaza re !**



FIHIRANA 70

3,4

*Fiv : Io no Mpanjaka voatendry
Sady mahery no hendry,
:,: Zanak'Andriamanitsika
Koa hobia sy ifalio ! :,:*



Tratry ny Krismasy

25 DECEMBRE 2024

